TATITRA

FAMETRAHANA NY MIRALENTA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY DINGANA FAHA FAHA 4

Firenena: Madagasikara

Koaminina: JOFFRE-VILLE

Daty: 10-11-12 Febroary 2015

Toerana: Biraon' ny Kaominina JOFFRE-VILLE

Mpandray anjaranandritra ny fiofanana

FIZAHAN-TAKILA

Fanolorana 03

Tantara.....05

Fizotry ny Atrikasa 06

Fahatrarana ny tanjona.....13

Ireo fanamby 14

TOVANA

A – Fandaharam-potoana 15

B – Lisitry ny mpandray anjara.....16

D– Fintin'ny Tomban'ny Atrikasa.....18

FANOLORANA

Ity tatitra ity dia entina hamintinana ireo hevi-dehibe nisongadina nandritra ny Atrikasa izay notontosaina tao amin'ny Kaominina ambanivohitry Joffre-Ville ny 10, 11 ary 12 Febroary 2015, tao amin'ny Biraon'ny Kaominina. Atrikasa izay natrehin'ireo Tompon'andraikitra ao amin'ny Kaominina, ireo Sefo Fokontany, ireo mpiandraikitra eo amin'ny sehatry ny fampianarana, ny fahasalamana, ny finoana, ny mpandraharaha ary ny solontenan'ny Fikambanana vitsivitsy eo amin'ny tanàna.

Ny tanjona nandritra ny atrikasa dia ny hampahafantarana bebe kokoa ny hevitra ijoroan'ny miralenta sy ny fampifandraisana izany eo amin'ny fampandrosoana ny kaominina. Lohahevitra dimy mazava tsara no nohalalinina nandritrany telo andro:

-Lohahevitra voalohany: **Hevitra fototra iompanan'ny Miralenta**:
Izay nahitana sy nisongadinan'ny fanavahana ny miralenta sy ireo toetra voajanahary eo amin'ny maha-lahy sy ny maha-vavy ary ny famaritana ny atao hoe fiheverana raiki-tampisaka;

-Lohahevitra faharoa: **Miralenta sy nyFitondram-panjakana** izay nikarohana ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy afaka miditra sy mandray anjara amin'ny sehatra pôlitika ka tsy mahazo fahefana manovaamin'ny tsaratsara kokoa ;

-Lohahevitra fahatelo:**Miralenta sy fandravonana ny Ady sy Disadisa**,nojerena sy nohaihadina ny trangana disadisam-piarahamonina mpiseho ao anatin'ny Kaominina ny endrika famahana azy ifotony mba hanamora ny fikarohana ny paik'ady entina handravonana azy;

-Lohahevitra fahaefatra: **Foto-kevitra sy politika hahatongavana amin'ny Miralenta** izay nampisehoana ny filana fototra andavan'andro sy filana maharitra mila paik'ady hoan'ny mponina izay nanehoana ny fanaovana teti-bola hirosoana amin'ny Miralenta

-Lohahevitra fahadimy: **Miralenta sy Fiharin-karena**, ny fampatsiahivana ny hamaroan'ny andraikitra sahanin'ny vehivavy indray miaraka kanefa tsinontsinoavin'ny fiaraha-monina ;

-Lohahevitra fahaenina: **Fampandrosoana ny toe-karena ifotony** izay nojerena sy nanadihadiana ny zava-misy ifotony sy ny fiaraha-miasa misy mba hirosoana amin'ny fanatsarana farim-piainanan'ny rehetra;

-Lohahevitra fahafito:**Fiovan'ny toetr'andro sy nyFampandrosoana maharitra,** izay namaritana tsara ny fiovan'ny toetr'andro, ny nipoirany sy ny fiantraikany mba hametrahana paik'ady amin' ny fampandrosoana maharitra eny ifotony .

Lohahevitra fahavalo: **Ny Herisetra ,**fandalinana ny karazana herisetra miseho sy ny fiantraikany izay miteraka sakana amin'ny fampandrosoana ka hojerena paik'ady hamahana azy.

Tonga namaly ny antso avokoa ireo olona 25 nasaina hiatrika ity atrik'asa ity ary tsikaritra fa hita tao avokoa ireo solon-tena avy amin'ny sehatra rehetra izay efa voalaza tery aloha (Jereo Tovana A: Lisitry ny mpandray anjara)

Tsapan'ireo mpizaika fa nanampy betsaka azy ireo ity atrik'asa itytamin'ny fahazoana nyatao hoe Miralenta. Porofon'izany nyvalin'ny tombana izay nofintinina ao amin'ny Tovana B.

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDERLINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanomboka tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombonantoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GENDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitomboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

FIZOTRY NY ATRIKASA

Fanokafana amin'ny fomba ofisialy

Alohan'ny nanombohan'ny Atrik'asa dia nisy ny fandraisam-pitenenanana nataon'ireo PDS (Ben'nyTanana) ny Kaominina sy ny solontenan'ny Gender Links. Naneho ny fisaorana ny Gender Links sy ny Vondrona Eropeanina , , Andriamatoa CyrilleAugustinPDS-ny Kaominina noho ny nisafidinana manokana ny Kaominina Joffre-Ville ;Manaraka izany dia naniry ny hitohizan'ny fiaraha-miasa ny koa izy , ary nofaranana tamin'ny fanokafana ny Atrik'Asa tamin'ny fomba ofisialy ny lahateniny.

Taorian'ny fanokafana dia nalefa avy hatrany ny famelabelarana ireoTanjona tiana ho

tratrarina mandritra ny telo andro sy ireo dingana folo tsy maintsy hatao mba hahatongavana amin'ny maha Kaominina Ivon-toera mendrika amin'ny fametrahana ny Miralenta ary ny fandaharam-potoana mifandrify amin'izany.

Solontenan'ny GL nanao famelabelarana ireo dingana arahina

Sary: Robine

FAMPIASANA SY FAMPIHARANA

Natomboka tamin'ny fampahafantarana ny fifanarahan'ny FAA momba ny Miralenta sy ny fampandrosoana ny Atrik'asa. Nentina hisarihana ny sain'ny mpandray anjara dia nijery horonan-tsary iray momba io fifanarahana io ny mpandray anjara rehetra.

Notohizana tamin'ny lohahevitra voalohany **fototra iompanan'nyMiralenta** ny fotoanaka nampandraisana anjara ny mpizaika tamin'ny fampiasana sy fampiharana ny fanavahana ny maha-lahy sy maha-vavy ary ny Miralenta .

Fampiasana "Cartonnette"

Rehefa nazava tamin'ny mpandray anjara ireo foto-kevitra ijoron'ny Miralenta dia nojerena akaiky koa ireo fiheverana raiki-tapisaka izay miteraka fanavakavahana sy fitongilanana eo amin'ny fiaraha-monina.

Anisan'ny antony mbola mampiorim-paka ny fiheverana raiki-tampisaka eo amin'ny fomba amam-panao eto Madagasikara. Hita taratra izany nandritra ny fampiharana ka namoahana ireo tonon-kira, horonan-tsary, fomba fitenenana izay hita fa manome vahana ny raiki-tampisaka. Noho izany dia matetika ny vehivavy dia anankinana ny anjara asa momba ny tokan-trano toy ny asa rehetra sy ny fikolokoloana ao an-tokantrano, ny momba ny ankizy

nateraka, sns... fa ny lehilahy kosa no natao handray andraikitra eo amin'ny Firenena sy hitondra ny vola ao an-tokan-trano. Tsikaritra ihany koa ny fiheverana raiki-tampisaka eo amin'ny fomba fijerin'ny firaha-monina Malagasy ny lanjan'ny lehilahy manoloana ny vehivavy. Ohatra amin'izany ny fandraisana ny hoe: "Nitady toko ka sendra vato nitady zaza ka tera-dahy" sy ny hoe "Arabaina fa nahazo mpatsaka"; Fampiasana hain-tena manasongadina ny lanjan'ny lehilahy eo amin'ny fiaraha-monina raha oharina amin'ny vehivavy.

Lohahevitra faharoa :ny Miralenta sy Fitondram-panjakana

Nodinihina bebe kokoa ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy tafiditra sy tsy mandray anjara eo amin'ny sehatra politika sy fitantanana ary tsy afaka manova .

Sakana tsy hidiran'ny vehivavy amin'ny Fitondrana

Nisongadina tamin'izany ny olana manakana ny fidiran'ny vehivavy eo amin'ny sehatra maro toy ny fanambaniana ny vehivavy izay miteraka tsy fahatokisan-tena sy tsy fahasahiana, ny fitiavantenan'ny lehilahy ka manilika ny vehivavy,tahotra ,tsy mahazaka tsikera …

Asan-tarika

Asan-tarika nataon'ny mpizaika **Sary: Robine**

Maro ihany ireo olana hita fa manakana ny fidiran'ny vehivavy eo amin'ny sehatra politika. Nosinganina tamin'izany ny:

- Ny tsy fahatokisan-tenan'ny vehivavy na tahotra sy ny tsy fahasahiana;
- Fanilihana ny vehivavy amin'ny sehatr'asa maro noho fitiavan-tenan'ny lehilahy;
- Ny tsy fahampian'ny fanofanana sy fahalalana;
- Havitsin'ny vehivavy hita eo amin'ny sehatra politika ka miteraka tsy faharisihana;
- Tsy fahampian'ny fanentanana eny ifotony;
- Tsy fahampian'ny fotoana;

- **Vaha-olana natolotra**

- Famporisihana ny tovovavy handrato fianarana;
- Famporisihana ny vehivavy hiseho sehatra sy handray anjara andraikitra;
- Fanentanana sy famporisahana ny vehivavy handray anjara eo amin'ny raharaham-pirenena amin'ny alalan'ny fampidirana azy ireo amin'ny Fikambanana na vondrona;
- Fanofanana ny vehivavy;
- Fidinana an-tsehatra, eny anivon'ny fokontany sy Kaominina ambanivohitra;

Eo amin'ny fampandraisana anjara ny vehivavy

Raha ny ato amin'ny Kaominina Joffre-Ville no jerena dia mbola vitsy an'isa ny vehivavy mpanolotsaina, iray ihany ka tsy afaka maneho hevitra izy satria toherin'ireo lehilahy efatra miaraka aminy, Aleony aza tsy miteny indraindray;

Noho izany dia tsy afaka mitondra fanovana satria voatsindry ihany ravehivavy na dia efa nahazo fahefana haneho hevitra aza;

-Lohahevitra fahaefatra: **Foto-kevitra sy politika hahatongavana amin'ny Miralenta**

Nandritra ny lohahevitra io ihany no nahafantarana ireo filan'ny Mponina eo amin'ny Kaominin'nyJoffre-Ville manokana. Nefa alohan'izany dia nohazavaina tamin'ireo mpandray anjara ny famaritana ny atao hoe"filana fototra andavan'andro sy filana maharitra mila paik'ady" (Boky Torolalana fampiofanana pejy 47)

Ireo filana fototra andavan'andro ato amin'ny Kaominina Joffre-Ville

- Foto-drafitrasa eo amin'ny sehatry ny fahasalamana;
- Fandriam-pahalemana,
- Jiro;
- Serasera;
- Rano fisotro madio;
- Tontolo iainanana;

Ireo filana maharitra mila paik'ady ao amin'ny Kaomina Joffre-Ville

- Fitadiavana mpiara-miombon'antoka amin'ny fampindramam-bola hiasana ho an'ny vehivavy;
- Fampiofanana arak'asa ireo zazavavy ;
- Fampiofanana momba ny fitantanana tetikasa sy orinasa;

-Lohahevitra fahatelo: Miralenta sy fandravonana ny Ady sy Disadisa

Rehefa natao ny famotopotorana ireo disadisa mpiseho eny amin'ny Fokontany tsirairay dia ny ady mikasika ny fananan-tany sy ny biby fiompy manimba voly ary ny fisaraham-panambadiana no mpiseho;

Nasaina nasaina nanao kilalao an-tsehatra ny mpizaika amin'ny fomba fanaovana fandravonana ireny disadisa ireny , ka nasongadina ny toetra tsy mitongilana ary afaka mamantatra ny fototra ny disadisa no tokony hananan'ny mpitondra manoloana izany sy amin'ny fomba mangarahara tsy misy kolikoly ary ny toerana iombonana ohatra amin'ny biraom-panjakana no hanaovana ny fandravonana azy ;

-Lohahevitra faha efatra ny Miralenta sy Fiharen-karena

Nasaina namky ny tantara an-tsary amin'ny pejy 101 ny mpizaika mba hampatsiahivana azy ireo ny asa tsy andraisan-karama ataon'ny vehivavy

Nisongadina tamin'ny ady hevitra koa ny mahakasika ny andraikitra ataon'ny vehivavy ao an-tokan-trano tsy heverinaho asa akory ,na dia ireo vehivavy aza mba manaiky izany ihany koa satria voapepon'ny fiheverana raikitapisaka izay novolavolain'ny fiaraha-monina , fa ny asa ataon'ny lehilahy ihany no asa satria mampidi-bola ao an-tokatrano;

Fandravonana momba ny fametrahana paikady

Sary: Robine

-Lohahevitra fahaenina:Fampandrosoana ny toe-karena ifotony

Nojerena manokana ny asa rehetra mety ataon'ireo vehivavy mba hahafahany mandray anjara mitovy amin'ny famolavolana paikady amin'ny ara-toe-karena ;

Ny Kaominina Joffre-Ville dia ahitana mpizaha tany maro satria ao no misy Ala vaojanahary arovana misy biby mahasarika azy ireo ;

Noho izany dia ny varotra ,ny fambolena , fiompiana ary ny mpitarika ireo mpizaha-tany ireo no loharanom-bola misy ato ;

Ny fanampiana tokony hataon'ny Kaominina amin'ireo vehivavy amin'ireo asa ireo dia:

-Mitady mpiaramiombon’antoka hanome azy ireo fiofanana ;

-Manamora ny findramam-bola hafahany mampitombo ny vola entina miasa;

-Lohahevitra fahafito: Ny Miralenta sy nyFiovan’ny toetr’andro ary nyFampandrosoana maharitra

Nampanaovina fampiasana mitanisa ny trangana fiovan’ny toetrandro misy an-toerana sy ny antony nahatonga izany ny mpizaika;

Tsy mamokatra ny mpamboly nohon’ny tsy fahampian’ny orana sy hamaaroan’ny biby manimba voly;

Maro ny valan’aretina satria mihamafana ny andro, maloto ny rano ;

Mosary noho’ny tsy fahampian’ny vokatra;

Ady tany sy fanapotehana Ala vaojanahary noho ny mpifindra monina maro loatra

Lohahevitra fahavalo: **ny Herisetra**

Nojerena tamin’izany ireo herisetra mpiseho ato anivon’ny Kaominina ,ary nosokajiana toy izao:

-Herisetra ara-batana :kapoka

-Herisetra ara-tsaina : tihitihy, teny ratsy

-Herisetra ara-nofo : fanolanana ,fampanambadianana zaza tsy ampy taona

Marihina fa ny herisetra ara-batana no tena hita matetika ,ka tsy maintsy zahana vaha-olana ;

FAHATRATRARANA NY TANJONA

- Niampy ny fahalalan'ireo mpandray anjara momba ny fifanarahana eo amin'ny FAA;
- Azon'ireo mpandray anjara ny foto-kevitra iompanan'ny Miralenta sy ny Fampandrosoana;
- Manana ny fahavononana ny hampihatra ny Miralenta eo amin'ny Kaominina ireo mpandray anjara sady hanentana ny mpiara-monina;

IREO FANAMBY

- Fandresen-dahatra eo amin'ny fampiharana ny Miralenta;
- Fanatanterahana ny paik'ady Miralenta eo amin'ny Kaominina;
- Fanentanana ny vehivavy mba handray anjara amin'ny Fampandrosoana;

FANDAHARAM-POTOANA

ATRIKASA MOMBA NY FAMETRAHANA IVON- TOERANA MEI
Firenena: Madagasikara
Kaominina: JOFFRE-VILLE
Toerana: Salle CR JOFFRE -VILLE
Daty: 10- 11 - 12-13 Febroary 2015

Ora	ANDRO	Iza(Tompon'andraikitra)
Andro voalohany 10 FEBROARY 2015		
08 h 30 – 09 h 00	Fandraisana	Mpampiofana
09 h 00 – 09 h 30	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy	Maire / GL
09h 30 – 09 h 45	**Pause café**	
09 h 45 - 11 h 00	Fampahafantarana ny ireo dingana arahina @ ivon-toerana mendrika hametrahana ny Miralenta	AMINA
11 h 00 - 12 h 30	Fampahafantarana ny FAA	ROBINE
12 h 30 – 14 h 00	**Sakafo**	
14 h 00 – 15 h 00	Hevitra iompanan' ny Miralenta; GENRE ET SEXE	AMINA
15 h 00 –16 h 00	STEREOTYPE	ROBINE
Andro faharoa 11 FEBROARY 2015		
08h 30- 10h	Ny Miralenta sy fitondram-panjakana	AMINA
10h- 10h15	**Pause café**	
10h15- 12h 30	Fandravonana ady sy disadisa	ROBINE
12h30 -14h 00	**Sakafo**	
14h 00 -16h00	Hevitra sy tetika hahatongavana amin'ny Miralenta	AMINA
Andro fahatelo: 12 Febroary 2015		
8h 30 – 09 h 30	Ny miralenta sy ny fiharin-karena	Amina
09h30 – 10h 00	NY HERISETRA	ROBINE

10h 00 – 10 h15	**Pause café**	
10h 15 – 11h 30	Ny Miralenta sy ny Fiovaovan'ny toetrandro	Ny rehetra
11h 30 - 12h30	FANDRAVONANA	Mpampiofana
12h30-14h 30	**Sakafo**	
14h 30 16h 30	Fanomanana ny fandraisana anjara amin'ny fanentanana vahoaka Tombana	Ny rehetra
Andro faha efatra : 13 Febroary 2015		
8h 00 - 12h 00	Fanentanana eo amin'ny fivoriambem-pokonolona	Ny rehetra

Stage 4
Country: MADAGASCAR
Kaominina:Joffre-Ville
Toerana: Biraon'ny kaominina
Date: 10,11,12 Fevrier 2015

FICHE DE PRESENCE

N°	ANARANA SY FANAMPINY	LAHY/ VAVY	TOERAM-PIASANA SY ASA ATAO	TEL	E mail
01	CYRILLE Augustin	L	PDS Kaominana Joffre-Ville (Antsiranana II)	032 07 929 06	
02	SOATOMBO Marie Paul	V	1er Vice PDS Kaominina Joffre-ville/Directrice CEG	032 87 162 13	
03	ERNESTINE Kamisy	V	Chef ZAP Joffre-Ville	032 11 320 55	
04	RAVELOARISOA Celestine	V	Presidente association des femmes MAMELOGNO Joffre-ville	032 59 733 93	
05	MIASA Jean Marcel	V	Pasteur FJKM Joffre-Ville Centre	032 79 912 42	
06	RAVONIMANGA Egyptienne	V	Mpamboly Joffre-Ville	032 45 930 20	
07	VAZAHA Jean Marie	L	Conseiller Kaominina Joffre-ville	032 63 279 91	
08	MANAKERY	L	President Conseil Kaominina Joffre-Ville		
09	RABEMANANJARA Joseph	L	ST Comptable Kaominina Joffre-ville	032 44 603 80	
10	JONAH Jean de la Liberté	L	Mpamboly Joffre-ville	032 91 101 33	
11	BOHY Yve Arnaud	L	Mpamboly/Komitin'ny FKT Morafeno (Joffr-ville)	032 52 933 17	
12	LIVA Jean Herman	L	Mpamboly	032 04 981 32	
13	JUSTINE	V	Vice Pdte Conseil CR Joffre-ville	032 02 533 40	

14	BEROBIA RASOANIRINA Edwige	V	Secretaire Etat Civil CR Joffre-ville	034 16 85641	
15	RANDRIANTSARAVO Rakely	L	Chef Fokontany Ambibaka CR Joffre-ville	033 29 766 22	
16	LAKOLOSY Robert	L	Conseiller CR Joffre-ville	032 55 816 40	
17	BOTOUVAHINE Francine	V	Retraitée de l'Admininstration	032 40 070 34	
18	SIATO	V	Mpamboly	-	
19	BAKIDY Antoinette	V	Mpamboly	-	
20	BEJOMA Joseph	L	RAD Misotroronono	032 45 242 39	
21	JOROASY	L	Gardien	-	
22	SIBO Denise	V	Chef Fokontany Joffre centre	032 87 166 55	
23	ANDRIANANTENAINA Mampiatra Florent	L	Guide Montagne d'Ambre	032 07 994 78	agnayguide@yahoo.fr
24	LAHA Henri	L	2è meVice PDS CR Joffre-Ville	032 74 380 01	henrilaha@yahoo.fr
25	ZARASOA	V	Chef Fokontany Morafeno CR Joffre-Ville	032 59 063 09	
26	MOANASOA A. Robine	V	Facilitatrice (GL)	032 41 084 30	siarobine@yahoo.fr
27	AMINA	V	Facilitatrice (GL)	032 02 261 59	osramane@yahoo.fr

Lahy	**13**	**52%**
Vavy	**12**	**48%**
Totaly	**25**	**100%**

TOVANA C: TOMBAN'NY ATRIKASA

Firenena	MADAGASIKARA					
Sexe	Male 13 Female 12					
Faritra	DIANA					
Kaominina	Joffre-Ville					
Taona	12 - 17 ☐	18 -30 1	31- 40 12	41 – 50 15	51 – 60 06	60 + 01
Fianarana	Ambaratonga voalohany 09	Ambaratonga faharoa 14	Oniversite 1	Fanofanana ara-kasa 0	Fampianarana olon-dehibe 1	

	Naoty /10
1. FIZOTRY NY FANDAHARAM-POTOANA	**9,41**
2. NY VOTOATINY	**9,37**
3. TAHIRIN-KEVITRA	**9,20**
4. FOMBA FAMPITAN-KEVITRA AVY AMIN'NY TOMPON'ANDRAIKITRA	**9,62**
5. ASA ISAM-BAOMIERA	**9,37**
6. VOKATRA TSARA	**9,29**
7. VOKATRA TRATRA MIOATRA AMIN'NY TANJONA NAPETRAKA	**8,83**
8. FAHALALANA AZO	**9,04**
9. TOMBOTSOA AMIN'NY FIVELARANA	**9,41**
10. FANDAMINANA ANKAPOBENY (Toerana, sakafo, sns)	**9,33**

FANAMARIHANA

1. **Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao? Antony?**

- Ny Miralenta satria nahafantarako momba azy sy ny fiheverana raikitapisaka novolavolain'ny fiarahamonina ;
- Ny Miralenta sy ny Fitondram-panjakana satria mahalala ny sakana tsy tafidirana amin'ny fitondram-panjakana ;
- Ny raiki-tapisaka satria nahazoana fivelaran-tsaina ara sosialy,
- Tiako daholo satria nahazoako fahalalana ,ilaina amin'ny fampivoarana sy fampandrosoana ;
- Fandravonana ady sy disadisa satria nahazo fahaiza manao mikasika izany ny mpizaika

- Miralenta sy fiharin-karena satria naha tongasaina izahay mpizaika nyio lohahevitra io
- Ny Herisetra satria sarotra be ny fanatanterahana ady aminy herisetra aty ifotony;
- Miralenta sy ny fiovan'ny toetr'andro satria efa mihatra aminay aty ny vokany noho ny loharano maro efa ritra ;

2- Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina loatra , Antony ;

- Samy ilaina daholo satria zavatra ilaina amin'ny fiaraha monina andavan'andro ;
- Ny fandravonana ady sy disadisa**,** satria zavatra tsy ametrahana olana tokony hifandeferana amin'ny fiaraha-monina andavan'andro
- Eo amin'ny fivoriana amin'ny fikambanana
- Amin'ny alalan'ny fanentanana sy amin'ny resaka misy ady hevitra